17

# NY FIHAVANANA

## TANJONA

- Mamaritra ny atao hoe fihavanana ary manavaka ireo endri-pihavanana fahita eo amin'ny fiaraha-monina Malagaasy.

## LESONA HOTADIDINA

**FAMARITANA**

- Ny havana

Ny havana : antsoina hoe « Havana » amin'ny ankapobeny ireo olona iaraha-monina, izany hoe, iaraha-mivelona, iaraha-miaina ka ifaneraserana isan'andro.

Ny « Mpihavana » kosa dia ireo olona iray rà, iray fototra niaviana, iray razana iombonana, ireo no atao hoe « havana akaiky ».

Lazaina hoe "Lafin-kavana" kosa ireo Havana lavitra na havan tetezina.

- Ny fihavanana :

Ny fihavanana kosa indray dia fifandraisana tsara, akaiky teo amin'ny olona mpiara-belona na iray fianakaviana mihitsy aza. Avy amin'ny teny hoe "havana" izy io, izay midika hoe olona

**INONA AVY ARY NY FIHETSIKA HANEHOANA IZANY FIHAVANANA IZANY?**

Ireto avy ireo fihetsika hanehoana ny fihavanana :

- Fifankatiavana
- Fifampitsimbinana
- Firaisan-kina
- Fifamangivangina
- Fifamonjena
- Fifanampiana

**IREO KARAZANA ENDRI-PIHAVANANA MISY :**

Miseho amin'ny karazany roan y fihavanana :

- Fihavanana voajanahary

Fihavanana ara-pianahahana : Efa miforona io karazam-pihavanana io raha vao teraka ny olona. Olona mifamatotra ao anaty tetiharana iray, iray razam-be niaviana. Mety ho lavitra na akaiky ny fifandraisany, Mamatotra azy ireo ny ra iraisana.

Ohatra: fifandraisan'ny ray aman-dreny sy ny zanaka

- Fihavanana namboarina
  - Fihavanana ara-panambadiana

Fihavanana nateraky ny olon-droa, lahy sy vavy, vonona hivady, nitambatra ho tokantrano iray ity fihavanana ity. Izany no nampisy sy niteraka ny anarana toy ny hoe: rafozana, vinanto, zaodahy… sns Namatotra azy ny fifanekena ara-panambadiana toy ny mariazy nentim-paharazana (vodiondry), ara-panjakana (fisoratana) sy ara-pinoana.

  - Fihavanana ara-piarahamonina

Nipoitra noho ny fifaneraserana eo amin'ny fiarahamonina toy ny mpifanolobodirindrina, toeram-piasana, fiangonana… sns izy io. Matetika mampiforona azy ny fifankatiavana sy ny fifanampiana ary ny fifamonjena amin'ny sarotra.

Ny lalàna na ny zava-misy sy miseho eo amin'ny fiarahamonina kosa no mamatotra azy.

Misy indraindray te hanamafy lalina kokoa io karazana io ka asehony amin'ny alalan'ny FATI-DRA na FATO-DRA sy ny ZIVA izany.

**Sahanasa 1**

Mitadiava ohabolana dimy mahakasika ny fihavanana.

**Sahanasa 2**

LAHATSORATRA : **I MANANA**

Zazavavy tokony ho fito ambin'ny folo ranonorana I Manana. Faharoa izy amin'ireo natera-drainy aman-dreniny. Ikoto no zokiny lahiimatoa. Sady soa niamboho no tsara manatrika izy ka nanaitra ny tovolahy maro teo amin'ny manodidina. Malemy paika sady mitsikitsiky rahateo koa izy, ka ankona foana izay zatovolahy sendra azy. Anankiray tamin'ireny I Haja. Lahy tokan'ny vehivavy mananontena iray izy; Rasoa no anaran-dreniny. Nandova be ny tovolahy ka sady taviny no volony. Ny hery sy tanjaka teo aminy dia notovonan'ny halemem-panahy ka tsy vitsy ny tovovavy no tonga nisarizoro taminy ka nody nila resaka sy nanontany zavatra. Nanambara tamin-dreniny ny faniriany an' I Manana ho tokantranony I Haja, indray andro. Nanontany azy reniny raha mba efa nifampiresaka ny momba izany tamin'io zazavavy io izy na tsia. "Eny, hoy ilay tovolahy, efa mba niresaka tamin'I Manana sy nanambara taminy ny fitiavako azy aho, saingy tamim-pitsikiana no namaliany ahy hoe: "ny olombelona ange ry Haja , toy ny amalona an-drano ka be siasia e! sady mora soa no mora ratsy! Androany izy tia anao, fa rahampitso ny hafa indray no tadiaviny", dia gaina foana tsy nahita holazaina aho. Toa tsy matoky ahy izy. Angamba raha miresaka amin'ireo ray aman-dreniny ianao, dia hanaiky ihany izy!". "Asa re anaka!" hoy Ramatoa Rasoa.

**Fanadihadiana lahatsoratra**

1) Fifampitondrana toy ny inona no misy eo amin'I Manana sy Koto? Ary eo amin'I Haja sy Ramatoa Rasoa?

2) Te hifandray amin'I Manana I Haja. Fifandraisana toy inona no tiany haorina?

3) Inona no tian'I Manana holazaina amin'ity teny ity : "ny olombelona ange ry Haja , toy ny amalona an-drano ka be siasia e! sady mora soa no mora ratsy!"?

4) Misy fiantraikany eo amin'ny fifandraisan'ny olombelona ve io toetra ao aminy io?